## Fifidianana ben'ny tanàna
## "Comité Ad'hoc" isam-paritany no hamoaka ny vokatra vonjy maika 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 7 septambra 2019 Laharana 950 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 149), Madagasikara 03 septambra 2019** 5

## Tonga soa Papa Ray Masina François 2 4 8

# Mpamafy fiadanana sy fanantenana ary fifaliana





**FIAINAN'ANTOKO** 3

### Bébain indray no filoha nasionalin'ny antoko RPSD



**Ady amin'ny halatr'omby** 6

### Dahalo 2 maty, mpanara-dia 3 naratra

**Vakinankaratra** 7

### Mbola 25% ny mponina ihany no manjifa rano fisotro madio

**Faritra Menabe** 3

### Mijoro ny birao vonjy maikan'ny DISTIM ao Morondava

**Daka kely**

Toa lasa antitra sahady nareo zany ry Boaikely amin'le 4 maso a !

**Kaominina Ivato** 2

### Penjy Randrianarisoa ihany no kandidan'ny TIM



TONGA SOA PAPA RAY MASINA FRANÇOIS

# Mpamafy fiadanana sy fanantenana

Omaly tolakandro tamin'ny 4 ora no nigadona teny amin' ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato, ny fiaramanidina manokana nitondra ny Papa Ray Masina François, mitsidika an'i Madagasikara mandritra ny 5 andro, rehefa avy nitsidika ny tatsy Mozambika. Nitsena azy teo am-pahatongavana ny mpitondra ankehitriny eto amin'ny firenena, notarihan'i Andry Rajoelina mivady. Vahoaka marobe ihany koa no nanemitra ny arabe nolalovany nanomboka teny Ivato, nandalo an'i Soavimasoandro, Alarobia, Ivandry, ka hatreny amin'ny tranon'ny Nonce Apostolique Ivandry, izay ipetrahany amin'izao fitsidihany ny eto amintsika izao. Tsy hifarana izao fitsidihany an'i Madagasikara izao raha tsy ny talata 10 septambra ho avy izao, ny alatsinainy izao izy dia hitsidika mandritra ny adiny 8 atsy amin'ny Nosy Maorisy, saingy hiverina eto Antananarivo ihany ny alatsinainy 9 septambra alina. Hihaona amin'ny mpitondra, amin'ireo masoivoho vahiny, mpanao politika, fiarahamonim-pirenena ny Papa ray Masina anio maraina eny amin'ny Ceremony Building, eny amin'ny lapam-panjakana Iavoloha. Amin'izany no heverina fa hanomezany hafatra ho amin'ny fampihavanana sy fampiraisana eto amintsika. Anisan'ny tarazon'ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'ny taona 2009 tokoa, ny toa fampisaraham-bazana ny Malagasy ankehitriny : manjaka ny valifaty amin'ny tsy mitovy hevitra politika, misy ny fanilihana ireo izay tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra, miseho lany ny kolikoly sy ny fahalovana,... Araka ny hira fanevan'ny fitsidihan'ny Papa François eto amintsika anefa dia mpamafy fiadanana sy fanantenana izy, ka heverina fa tena hipaka amin'ny rehetra ny hafatra mafonja hampitainy, indrindra amin'ny mpitondra toa be marenina, ny amin'ny tokony hisian'ny fampihavanana eto amintsika, izay tena fototra iaingan'ny fampandrosoana.



***Isambilo***

Diosezin'Antsirabe

# Mpizaika 12 000 hanotrona ny famangian'ny Papa Ray Masina

Efa vonona amin'ny fitsenana ny Papa Ray Masina Fransoa ny mpino katolika ato amin'ny Diosezin'Antsirabe. Fantatra ary fa mpizaika manodidina ny 12.000 no hihazo an'Antananarivo. Manoloana izany dia nametraka paikady amin'ny fitandroana ny filaminana amin'ny fahatongavan'ny Papa Ray Masina eto Madagasikara ny mpitandro filaminana ary tsy latsadanja amin'ireny ihany koa ny aty anivon'ny faritra satria dia tsy maintsy mandalo ny lalam-pirenena faha 7 avokoa ireo fiara avy any amin'ny ilany atsimon'i Madagasikara sy ny faritra Menabe iny. Misy ary ny "cellulle opérationnelle "miasa 24/24 ao amin'ny biraon' ny Faritra manaraka akaiky sady efa mampiseho fahavonona amin'izay vahaolana raha sendra olana. Araka ny efa nambara dia mpizaika manodidina ny 12 000 avy ato amin'ny Diosezin'Antsirabe no hotaterina eto amin'ny Faritra Vakinankaratra ary fiara miisa 1500 no hivezivezy amin'ny RN 34 sy RN 7, manomboka ny 06 septambra hatramin'ny 09 septambra 2019. Ho hentitra tokoa ny fanaraha-maso ireo fiara, hitandroana ny ain'ny mpandeha, ho antsika eto Vakinankaratra dia Andranomanelatra no nosafidiana hametrahana ny "point de contrôle" sy "point de départ" ary "point sanitaire". Tsara marihina fa ny fiara dia tokony handalo "visite technique spéciale", manana "autorisation spéciale" ary manana "autorisation DDT. Nisy tamin'ity herinandro ity ny fivoriana mahakasika ny fitandroana ny filaminana amin'ny fahatongavan'ny Papa eto Madagasikara, izay natao tao amin'ny efitrano fivorian'ny Faritra Vakinankaratra, ka nitarika ny fivoriana ny Prefet an'Antsirabe sy ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny Lafintany eto amin'ny Faritra ary ny mpitarika ity "Cellule Opérationnelle" ity kosa dia ny Commandant de Groupement Vakinankaratra Randrianarimasy Radosoa. Nanatrika izany ireo Polisim-pirenena sy ireo Zandarimaria, ny sampan-draharahan'ny fitaterana, ireo Delegasiona mafonjan'ny fahasalamam-bahoaka ary ny solontenan'ny Diosezin'Antsirabe.

***Lezama***

Fifidianana ben'ny tanàna

# "Comité Ad'hoc" isam-paritany no hamoaka ny vokatra vonjy maika

Ao anatin'ny fikarakarana tanteraka ny fifidianana Kaominaly ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana na ny CENI ankehitriny. Amin'ny ankapobeny, mizotra tsara ny fisokafana sy ny fiasan' ireo sampana mpandray, mpanamarina sy mpirakitra an-tsoratra ny antontan-taratasim-pilatsahakon-kofidiana amin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsaina ny Tanàna manerana ireo OVEC 114, hoy izy ireo. Milamina toy izany ihany koa ny fanatontosana ny asa rehetra, na izany eo amin'ny lafiny ara-teknika, na izany amin'ny lafiny ara-bola. Araka ny antontan'isa voaray hatramin' ny omaly maraina, antontan-taratasy 27 no voaray manerana ireo Kaominina 1695 manerana an'i Madagasikara ho amin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna. 25 amin'izy ireo tsy miankina ary 2 kosa avy amin'ny Mpanao politika. Ho an'ny fifidianana mpanolotsain'ny tanàna kosa indray dia 4 no voaray manerana an'i Madagasikara: 3 amin'ireo no tsy miankina ary 1 kosa avy amin'ny mpanao politika. Mbola maro araka izany ireo Faritra izay tsy mbola naharaisana filatsahankofidiana. Nandritra ity fizaram-bavao ity, mba hahafahana miroso haitrany ao anatin'ny fikarakarana ny fifidianana dia nametraka fanamarihana ny teo anivon'ny CENI mialohan'ny fiafaran'ny fametrahana ireo antontan-taratasim-pilatsahankofidiana:

1- Ny mahakasika ny filatsahan- kofidin'ny Delegasiona manokana ampierinasa ankehitriny: araka ny voalazan'ny andininy faha 65 ao amin'ny didim-panjakana 2019-1541 izay ifehezana ny fifidianana Ben'ny Tanàna dia tsy mahazo milatsaka hofidiana amin'izao fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsaina izao, na amin'ny fomba na tranga manao ahoana na amin' ny fomba na tranga manao ahoana ireo mpikambana eo anivon'ny Delegasiona manokana manerana ny kaominina 1695 eto Madagasikara, na izany ny filohan'ny Delegasiona manokana, na izany ireo filoha lefitra 2.

2- Eo amin'ny fanamarinan-tsonia na légalisation de signature : mba hialana amin'ny fahasahiranana ho an'ireo kandida hilatsaka hofidiana indrindra ireo lavitry ny biraon' ny Distrika, na ny Prefektiora dia azo ataon'ireo izay hilatsaka hofidiana ny manao ny fanamarinan-tsonia eo anivon'ny Kaominina misy azy. Na izany tanterahan'ny Ben' ny Tanàna, na izany tanterahan'ny lefiny, araka ny andininy faha 270 ny lalàna 2014-020 mifehy ny eny anivon'ny Kaominina.

3- Ho an'ireo Sampandraharaham-panjakana rehetra izay voakasiky ny fikarakarana ireo antontan-taratasin-kofidiana: entanina izy ireo mba hanao izay azon'izy ireo atao rehetra, mba hiantohana ny fiandrasan-draharaha mandritry ny andro tsy fiasana sy ny andro rehetra mandra-pahatonga ny fe-potoana hikarakarana ny fametrahana ireo antontan-taratasy. Voakasik'izany ny eny anivon'ny Fokontany, ireo mpandraharaha eny anivon'ny Kaominina, hetra isan-tsokajiny fitsarana. Ireo sehatra ireo dia ilaina amin'ny famoahana ny antontan-taratasy izay ilaina amin'ny filatsaha hofidiana.

4- Fivondronana antoko politika: karazany telo ny filatsahan-kofidiana: eo ireo atolotry ny antoko politika mijoro aradalàna, eo ny atolotry ny vondrona politika mijoro ara-dalàna, eo ireo izay milatsaka amin'ny anarany tenany manokana. Ho an'ireo vondrona politika manokana dia tsy mahazo mandrotsaka kandida intsony ao anatin'ny fari-pifidianana iray ny antoko politika rehetra mikambana ao anaty vondrona mpanao politika.

***(Tohiny pejy 3)***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fifamoivoizana an'habakabaka

## Resaka manidina no misy eto amintsika

Ny resaka angindimby teny Mahamasina, izay nampiantsoina mpanao gazety tany amin'ny mpitandro filaminana sy fitsarana dia vao mainka nampamoha fota-mandry, ireo tranga samihafa momba ny fifamoivoizana an'habakabaka.

Tadidy tampoka ny mikasika ireo angindimby Alouette 4, izay tsy mazava ny fomba nividianana azy sady izay indray tsy nampiasaina akory dia simba, adi-hevitra mbola tsy nilamina ny mikasika azy io fa dia niniana nampanginina fotsiny.

F'angaha izay ihany , fa niverina ao an-tsaina koa ny nanjo ny Air Madagascar, ilay orinasa potika tanteraka, ka ny fitondrana notarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana no nanarina azy, nony tonga anefa ny taona 2009 nisian'ny fanonganampanjakana notarihan'i Andry Rajoelina dia nilentika indray, tsiahivina fa ny taona 2011 no feno 50 taona io orinasa goavana io , indrisy anefa fa tamin'io tsingerintaona io indrindra no nivoaka ny fandrarana ny fiaramanidin'ny Air Mad tsy ahazo hisidina ny habakabak'i Eoropa, fahatsiarovana farany izay ratsy izany, ny vahaolana nentin'ny fitondrana tetezamita dia ny fividianana ireo fiaramanidina Air Bus, izay fiaramanidina mbola brokantera ihany koa, ankehitriny tsy mbola mivaha ny olana momba ity orinasa reharehan'ny Malagasy ity.

Momba ilay fiaramanidina Air Force One II izay nanenjehana ny Filoha Ravalomanana , namidy izy io fa tsy mazava hoe nankaiza ny vidiny?

Fa tamin'ny fitondrana notarihan'ny Filoha Rajaonarimampianina dia nisy indray ny antsoina hoe Open Sky, izay nanome alalana ireo kaompaniam-pitaterana an'habakabaka avy any amin'ny firenena arabo niditra malalaka teto, ny tsikaritra dia feno ny fiaramanidina rehefa tonga eny Ivato, saingy rehefa mody any amin'ny niaviany izy ireny tsy misy mpandeha, izany hoe azo eritreretina fa nisy tamin'ireo vahiny tonga avy any ivelany no nijanona eto amintsika.

Mbola betsaka ny resaka tsy milamina eto amintsika eo amin'ny fifamoivoizana an'habakabaka, tsy hita izay vahaolana matotra fa dia resaka manidina no betsaka fa ny vahoaka Malagasy kosa mahatadidy fa tsy misavoamboana akory, tsy vahiny amin'ny eny an'habakabaka sady maharaka ny ety an-tany, ny tranga toy ireny resaka angidimby ireny no vao mainka mampitombo ny fitadidian'ny vahoaka, ka dia ankasitrahana ireo mpamoha fotamandry.

***Ny Valosoa***

Kaominina Ivato

# Penjy Randrianarisoa ihany no kandidan'ny TIM

Ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa no mbola nametrahan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hitondra ny fanevany ao amin'ny kaominina Ivato. Tafapetraka teny amin'ny OVEC Ambohidratrimo omaly 6 septambra ny taratasy filatsahan-ko fidiany sy ireo mpanolotsaina, notronin'ireo mpikatroka marobe izy ireo tamin'izany teny an-toerana. Resy lahatra amin'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa ny antoko TIM sy ny mponina eny Ivato, ka mbola nametraka ny fitokisana taminy amin'ny hitondràny ny fanevan'ny antoko satria marobe ny zava-bitany nandritra ny fotoampiasàny voalohany, ka mila tohizana izany araka ny vina napetraka.



*Ny ben'ny tanàna, Penjy Randrianarisoa, nametraka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany teny Ambohidratrimo.*

***Helisoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondrana Rajoelina : amin'ny hafatry ny Papa ve vao haka lesona momba ny fampihavanana ?

Valo volana niakarana teo amin'ny fitondrana, tsy mbola nahavita na ny niroso tamin'ny fampihavanam-pirenena ny fitondrana Rajoelina. Milaza miara-mahita, fa tsy nahitana hetsika na fihaonana amin'ny endrika samihafa momba izany teto tao anatin'izay fotoana am-bolana maro izay. Tsy hita ho nifofotra tamin'izany ny mpitondra. Tsy hita izay fiaraha-mientana teo amin'ny fitondrana sy ny filankevitra fampihavanana Malagasy na ny CFM, ho amin'izay firosoana ho amin'ny fampihavanana eo amin'ny mpiray firenena izay. Zary toa resaky ny mpisampina sy ny mpisikina, ka tsy mifandray mihitsy. Ny hita dia toa mandeha irery indraindray ny CFM ary tsy atao ho mahagaga raha tsy lasa lavitra ny ezaka ataony hatreto no sady tsy hita misongadina. Ny nifotorany dia zary tany amin'ireo mpanao politika nirotsaka tamin'ny fifidianana, ka namoronany dina ifanarahana eo am-piatrehana izany.

Tsy mahasahy milaza ny heviny momba io fampihavanana io ny fitondrana. Hany ka lasa misy ny fomba fiheverana na fijery samihafa ataon'ny olom-pirenena. Anisan'izany, ohatra, ny amin'ny hoe hamaivanin'ny fitondrana ity resaka ity kanefa anisany tena fitaovana lehibe hampandroso haingana ny firenena. Porofo akaiky ilazana izany ny nataon'ny vahoaka Roandey tarihin'ny filohany Paul Kagame. Ny fitondrana Malagasy aza miezaka maka lesona amin'ny modely nataony, fa tsy mandehandeha ho azy akory ireny fireharehana nanasa azy tamin'ny fankalazana ny fetim-pirenena tamin'ny volana jona teo ireny. Nahavita lehibe tamin'ny fampihavanana ry zareo Roandey. Isika kosa anefa hatreto milaza ho ren-tany ren-danitra fa ny tanjona dia ho modely aty Afrika. Sao dia ho lasan-ko vavany fotsiny.

Misy milaza, fa tsy nisy ady teto teo amin'ny samy vahoaka. Tsy hisy afaka handà koa anefa fa mihavana ary ao anaty fihavanana ny vahoaka Malagasy. Nisy teto ny olana lehibe nampisara-bazana ny vahoaka teo amin'ny fomba fijery politika tamin'ny taona 2009, raha tsy hilaza hafa-tsy io taona akaiky io. Tsy nisy anefa ezaka nataon'ny fitondrana Rajoelina, na tamin'ny tetezamita na izao izy eo amin'ny fitondrana izao, hirosoana ho amin'izany. Mbola tsy azo lazaina ho manolatra ny fery tamin'izany, fa sao misy diso hevitra. Rahampitso Alahady, ohatra, dia hahatsiaro ny nivoahan'ny fonja ireo mpiasan'ny radio Fahazavana izay notanana am-ponja nandritry ny 110 andro. Narary azy ireo sy ny fianakaviany ary namana sy tapaka aminy izany nanjo azy ireo izany. Santionany iray ihany io, fa maro ireo tranga ilàna fanasitranana noho ny zava-nitranga teto amin'ny firenena. Odian'ny fitondrana tsy hita na hamaivanina ve izy ireny? Efa migadona eto amintsika ny Papa François, ary hitondra hafatra mifandraika amin'izay fihavanana izay. Amin'izay ve vao ho tonga saina sy haka lesona ny fitondrana? Mpitondra mampieritreritra sy mampanahy be ihany raha toa izany tokoa, fa aleo tsorina.

**Sôh'son**

Fiainan'antoko

## Bébain indray no filoha nasionalin'ny antoko RPSD


*Ny filoha nasionaly vaovaon'ny antoko RPSD.*

Nanova ireo mpikambana ao amin'ny birao politika nasionaliny ny antoko RPSD, izany dia mandrapahatongan'ny kongresy nasionaly izay hataon'ny ao amin'ity antoko ity. Arak'izany, voatendry ho filoha nasionaly vaovaon'ny antoko mandrapahatonga izay kongresy izay, i Andriantsizehana Benja Urbain, na Bébain, izay depioten'i Manakara teo aloha ; sekretera jeneraly kosa Limbaza Stanislas. Ny anton'izao fanovana vonjy maika ny birao nasionalin'ny antoko RPSD izao dia noho ny filoha nasionalin'ny antoko : Marson Evariste, efa zokinjokiny, ka tsy dia afaka loatra intsony manaraka izay fiainan'ny antoko izay. Nambara fa ao aorian'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina, no hanao io kongresy nasionaliny io ireo mpikatroka ao amin'ity antoko ity manerana ny Nosy. Nanambara ny filoha vaovao Andriantsizehena Benja Urbain, fa handray anjara amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsainan'ny kaominina izy ireo, tsy handray anjara amin'ny fifidianana amin'ny kaominina andrenivohitra anefa, fa amin'ny kaominina ambanivohitra ihany, noho ny lafiny hoenti-manana.

**Isambilo**

Fifidianana ben'ny tanàna

## "Comité Ad'hoc" isam-paritany no hamoaka ny vokatra vonjy maika

*(Tohin'ny pejy 2)*

5- Bileta tokana: tsy maintsy arahana ny "maquette" izay efa napetraka any amin'ny rantsamangaikan'ny CENI izay manaraka ny laharana nandritry ny ankitsapaka natao. Manaraka izay ny logo ary aorian'izay ny sarin'ilay kandida. Tsy averina in-droa izany ny logo eo amin'ny bileta tokana na ho an'ny Ben'ny Tanàna, na ny Mpanolotsainan'ny Tanàna. Araka ny fanazavana ihany dia amin'ny 15 septambra no hifarana eny anivon'ny OVEC ny famoahana ny lisitry ny kandida ekena sy noraketina an-tsoratra fa hilatsaka hofidiana. Aorian'izay ny antsapaka amin'ny laharana amin'ny bileta tokana. Ny 24 septambre kosa no hifarana tanteraka ny famoahana ara-pomba ofisialy ny lisitry ny kandida. Amin'ny maha fifidianana manakaiky vahoaka ny Fifidianana Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsain'ny Tanàna ity dia hametraka fomba fiasa manakaiky vahoaka ny CENI ary hampihàtra ny mangarahara sy ny fampandraisana anjara ny rehetra. Hampiasaina amin'izany ny fomba fiasa mampihàtra ny fanapariaham-pahefana. "Tsy miainga amin'ny CENI foibe intsony ny dingana rehetra amin'ny zotram-pifidianana fa omena fahefana ireo rantsamangaika rehetra any amin'ny faritany, faritra, distrika ary kaominina" hoy ny fanazavan'ny filoha lefitry ny CENI, Thierry Rakotonarivo. Eny anivon'ny Distrika kosa no hamoahana ny lisitry ny kandida offisialy. Araka ny fanazavana ihany, tsy eny amin' ny CENI foibe no hikirakira ny valim-pifidianana fa hisy rafitra manokana apetraky ny CENI hikirakira ireo valim-pifidianana. "Hisy ny "Comité Ad'hoc" isam-paritany ary ireo no hikirakira ny voka-pifidianana ary hamoaka ny voka-pifidianana vonjimaika, izay heverina hivoaka amin'ny 16 desambra 2019. Ny Tribunal Administratif ihany no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fifandirana sy hamoaka ny vokatra ofisialy ny voka-pifidianana. Nomarihin'Andriamatoa Rakotonarivo Thierry, Filoha lefitry ny CENI ihany koa fa efa manao ny asany ny eo anivon'ny "Imprimerie Nationale". "Efa vita tamin'ity herinandro ity ny ampahany voalohany amin'ireo fanontana ireo taratasy ilaina amin'ny fanatontosana ny fifidianana", araka ny fanazavany. Hatreto, herinandro sisa no hanana'ireo izay mikasa hirotsaka ho Ben'ny Tanàna na Mpanolotsain'ny Tanàna.


*Ny filoha lefitry ny CENI, Thierry Rakotonarivo.*

**Isambilo**

## NY TENY FIAINANA




*Isaia 12:3*

*Koa amin'ny fifaliana no hantsakanareo rano amin'ny loharanom-pamonjena.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mijoro ny birao vonjy maikan'ny DISTIM Morondava faritra Menabe

**Rivojaona Raherimihaja :** salama tompoko. Tonga ny fotoana ka mifohaza tsy avelatsika ho faty ny tolona natomboka. Mijoro izao ny birao vonjimaika Distim eto Morondava, ka ny tenako Rivojaona Raherimihaja no mitarika izany. Tsy anavahana na iza na iza io fa ho antsika rehetra. Asa sahanin' io birao io ny fampivondronana indray ny mpikatroka Tim ary fanomezana ainga vao azy: eo koa ny fikarakarana ny fifidianana kaominaly izao; ary farany dia ny fananganana ny ho birao maharitra aorian ny fifidianana izao. Koa entanina isika rehetra ho sahy, ka tsy hanana ahiahy. Antsoy ny laharana 034 52 049 52 raha mila fanazavana fanampiny. misaotra indrindra amin'ny fahavononanao. Aza matahotra, minoa fotsiny ihany.

**Chrysologue Ralairavo :** roso zany isika !

**Jacqueline Charles :** mafinaritra zany.

**Nandrasana Andriamiarisoa :** tsy mety leo mihitsy an! mirary anareo havita bé e!

**Rivojaona Raherimihaja :** otran efa ra mikorina ilay izy e. Raha maty ny TIM de mety ho faty ny tena!!

**Used You :** milay zany rehefa niverina ambala ny ondry Ka... soa e !!! Tsy maints tohizina ny lalantsika hoy dada zay!

**Rivojaona Raherimihaja :** tsika anie tao foana e! mba niala sasatra kely fotsiny.

**Bengy Miatrika Rakotoson :** mahafinaritra rahalahy, ezaka ny tokony hahazoana ny ben'ny tanànan'i Morondava.

**Larissa Olivinne :** vonona amzany tsika.

**Solo Randriamampionona :** dia izay olona tena ankatoavin' ny base maro an' isa no aoka harotsaka! Mila mahazo ben'ny tanàna maro isika.

**Roger Ignace :** misaotra am fahavonona ndray e. ho avy koa zahay anatevindahara.

## TONONKALO

## Any izay Boaikely izay

Mifanohitra daholo raha ny zavatra nambarany.
Miovaova lava izao, toa laingalainga tsisy farany.
Aminy, hono, ny fitiavana, io no lehibe indrindra,
Kanjo hay fitiavam-bola, izay no tiany hahindrahindra.

Dia enjehiny daholo izay manakana ny diany.
Voninahitra sy vola, ireo no tena ankamamiany.
"Ny hisehoseho" hatrany no laharam-pahamehany,
Izay no fihetsiny isan` andro n`aiza toerana halehany.

Fa ny ankoatr`izay, indrisy, tsy dia misy vidiny aminy,
Raha vao tsy ahitàny vola na koa tsy ahitàny maminy.
Tena izay ilay zotram-piainany, saingy raha handao ny tany,
Moa ve hahazaka firy ny olona tahaka izany ?

Nohindrainy tany ho any fony izy nikabary:
"Amboarina ny fambolena, itarina ny voly vary".
Kanjo nony avy eo tsy izay f`indreo tototfana daholo,
Tanimbary marobe fananany ambanivolo !

Mifanohitra daholo raha ny zavatra lazainy.
Ny mandeha lala-mahitsy, izay mihitsy no tsy hainy.
Efa zatra lalam-poza ka tsy misy andrasana aminy,
Fa dia ny mivilivily sy ny mihemotra no maminy !

Koa tsy izay vahiny tonga no hanova ny fijeriny.
Tsy izay mbola ho avy koa fa hafa mihitsy ny eritreriny.
Ny vahiny no handalo, hamela hafatra sy teny,
Saingy raha ny "tsangambato", tsy hiova intsony ireny.

**DADAN`i ZINA (06-09-19)**



# NY PAPA FRANÇOIS PAPA FAHA 266, MANDALO ETO MADAGASIKARA

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy anamalaho ary angivy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao andraony. Hatao rony izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fitsaboana natoraly ny diabeta

Anisan'ny areti-mandoza ny diabeta. Tsy voatery avy amin'ny fihinanana zavatra mamy foana no antony mahatonga azy io, fa misy ihany koa manaranaka ny diabeta. Tsara marihina fa mety tsaboina ary tsy miverina intsony izany mandritra ny 5 taona. ZAVATRA ILAINA : zava-maniry tsy maty ririnina (amin'ny sary). FOMBA FIKARAKARANA AZY : alaina io zava-maniry io, sasana madio tsara miaraka amin'ny fakany(racine). Rehefa vita izay dia atao anaty vilany na casserole efa madio tsara. tapohina rano 2 litatra eo ho eo dia ampangotrahina mandritra ny 15 na 20 minitra. Izay vao azo ampiasana izany. FOMBA FAMPIASANA AZY : sotroina tapaka vera ny maraina vao mifoha, sy ny hariva alohan'ny hatory. Alohan'ny sakafo avokoa izany. FANAMARIHANA : maharitra 2 herinandro ny traitement, na ny fihinanana azy.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Beheloke distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Beheloke distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, iva toerana izy satria tanàna amoron-dranomasina. Anisan'ny fototry ny toekarena any ny fizahantany. Mamboly sy miompy koa anefa ny mponina., mamboly haninkotrana isan-karazany. Miompy omby sy ondry ary osy.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 149), Madagasikara 03 septambra 2019

***Deoteronomia 29: 28*** **"*AHY Jehovah ny zava-miafina; fa anareo sy ny zanakareo mandrakizay kosa ny zavatra ambara, hankatoavanareo ny teny rehetra amin'ity lalàna ity.*"**

Tiako ho fantatrareo tsy an-kanavaka fa izao FIAINANA misy anareo izao dia ZAVA-MIAFINA. Aoka tsy hisy hitompo teny fantatra hoe "MAHALALA". Izany indrindra no ampianarako anareo olombelona ka mandrenesa hianareo, mankatoava koa. Aza mifanendritendry sy mifampihaika. Maneke fotsiny hoe "ZAVA-MIAFINA" izao fiainana an-tany izao. Ahoana ny amin'ny famonjena? Ny amin'ny fitiavan'i JESOSY KRISTY? Ny Fiverenany? Ny Fanjakany? Ny fitsarany? Sns...Izao no Teny ataoko anao. Tandremo fa diso fangatahana hianareo indraindray. Hono ho'AHO? Inona no angatahinao vola aman-karena sy izay tianao ho azo? Hoy ny Teniko, ***Matio 16: 26*** "*Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy?*" **Tena tiako hianareo olombelona, izany no antony nandefasako an'i JESOSY ho anareo voalohany indrindra**, **tsy tiako hisy ho very na dia iray akory aza.** ***Jaona 3: 16-21***. Ry mpamaky sy mpihaino ary izao tontolo izao: **JESOSY no HARENA voalohany**. Raha manana AZY eo amin'ny fiainanao hianao, tia AZY, manompo AZY, manandratra AZY ho MPANJAKA sy MPAMONJY dia IZAHO JEHOVAH mihitsy no manao FANAMBARANA fa mpanan-karena hianao, voatahy hianao, mpandresy hianao, mahery hianao, olom-boavonjy hianao, zanako hianao, mpandova Fanjakana hianao. Rehefa JESOSY no HARENANAO, omeny anao avokoa ny zavatra rehetra, ***Matio 6: 25-27***. Ka n'iza n'iza mbola tsy tonga eo amin'i JESOSY, mbola tsy manompo AZY, mbola tsy nanolotra ny fiainany hanjakan'ny FANAHY MASINA. ***Matio 6: 33*** "*Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.*"Ary aoka tsy hitsara ny hafa, aoka hifampivavaka, tiavo na dia ny fahavalonareo aza. ***Matio 7: 1-2*** "*Aza mitsara, mba tsy hotsaraina hianareo. Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo; ary araka ny ohatra ataonareo no hanoharana ho anareo.*" Ho anareo rehetra izay efa afa-po ka manao hoe: efa manan-karena aho ity, manam-bola, tsy misy mahaory, dia hoy ny fanontaniako aminao "***efa tsara fihavanana amin'i JESOSY va hianao?*" *Efa nibebaka tamin'ny fahotanao ve? Efa mahalala Fahamarinana ve? Manao ahoana ny finoanao sy ny fanantenanao ny amin'ny farany? Misy antoka ve ny fanahinao?*** Tandremo fa mahavariana ny harena raha tsy ao amin'i JESOSY. ***Matio 6: 19-21*** "*Aza mihary harena ho anareo eto an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra. Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao.*" Diniho izao fiainanao izao: rehefa ao amin'i JESOSY hianareo dia ny FANAHY MASINA no mitarika anareo amin'ny vavaka izay tokony hatao, ny fifonana, ny fangatahana, ny fisaorana sy izay tokony ho tononina rehetra. ***Hebreo 10: 16-18*** "*«Izao no fanekena hataoko aminy, Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Hataoko ao amin'ny laláko, Sady hosoratako ao an-tsainy,» dia hoy koa Izy: «Ny fahotany sy ny helony tsy hotsarovako intsony» (Jer. 31.33, 34).Ary rehefa misy famelana ireo, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony.*" Efa voalazako taminareo fa tsy tokony misy ho dinganina na tsy tiana sy lavina IZAHAY. IZAHO JEHOVAH nanome an'i JESOSY KRISTY ary IZY nanome no nametraka na nizara ny FANAHY MASINA.

Satria ny FANAHY MASINA no eo aminareo ankehitriny dia IZY mifandray aminareo, miasa eo aminareo araky ny hafatra nataon'i JESOSY . ***Jaona 16: 7-15***.Toy izao ary ny FANAMBARANA sady tokony efa ho fanatrareo fa antomotra ny zavatra rehetra sady tokony efa iomanana koa izay ho avy. Izany no asan'ny FANAHY MASINA ankehitriny ka tsy tokony ho gaga hianareo. Ny fizaram-potoana fahatelo farany izao no iarahan'ny FANAHY MASINA aminareo ka mba fantaro ihany, ***Asan'ny Apostoly 19: 2*** "*Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino hianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina.*" Satria ilaina IZY. Eny na dia mivavaka aza hianareo dia fantaro izao: ny FANAHY MASINA izay eo aminareo, ao anatinareo, IZY no mitarika anareo hanambara AHY ary mankalaza an'i JESOSY. Izany hoe sady mampianatra IZY ary mihaino vavaka koa IZY no mitondra ny tonom-bavaka miaraka amin'ny anjely izay nanoratra ny tonom-bavaka nataonao rehetra. Ny FANAHY MASINA indray no miresaka amin'i JESOSY ny vavaka nataonao ary dia raisiny soa aman-tsara izany sady dinihiny, jereny arak'izay lazain'ny FANAHY AMINY sy ny boky misy ilay tonom-bavaka eny an-tanan'ny anjely. Anjaranay sy JESOSY indray no miresaka sy midinika ny aminao araky ny fiainanao. ***Isaia 53: 11*** "*Noho ny fisasaran'ny fanahiny dia hahita izany Izy ka ho afa-po; Ny fahalalana Azy no hanamarinan'ny Mpanompoko marina ny olona maro, ary Izy no hivesatra ny helok'ireo.*" Hianareo mantsy indraindray maika, tandremo fa tsy hoe mivavaka hianao androany dia androany dia misy valiny. Misy koa anefa izany fa arakaraky ny zava-misy ihany, arakaraky ny fahitanay sy izay tena maika fantatray fa fotoana mety andraisanareo valimbavaka. Fa hianareo kosa raha vao mivavaka dia manàna FINOANA fa misy valiny foana izany. Hianareo anie na dia tsy mangataka akory aza dia omena anareo izay sahaza sy mety ary ilainareo e!

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

FIOMANANA AMIN'NY RIVO-DOZA

## Nomen'ny Boriboritany I fiofanana ireo avy amin'ny fokontany miisa 44

Nomena fampiofanana manokana ireo ELS – GRC na ny "Equipe Local de Sécurité de la Gestion des Risques et Catastrophes », manerana ny fokontany 44 izay mandrafitra ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) tamin' ity herinandro ity, ho fiomanana sahady amin'ny fiatrehana ny fahavaratra sy ny rivo-doza. Araka ny nambaran'ny Colonel Andrianaivo Jaona, izay tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia efa fanaon'ity sampandraharaha iray ity ny manome fampiofanana ireo ELS manerana ny Fokontany eto an-dRenivohitra, mba hahafahan'ireto farany manatanteraka ny asany antsakany sy andavany eny anivon'ny fokontany rehefa tonga ny loza. Maro ny andraikitra sahanin'ny ekipan'ny ELS eny anivon' ny fokontany toy ny fandaminana amin' ny vonjy voina, ny fampandrenesana sy fanairana ny mponina amin'ny fiavian'ny rivo-doza, eo ihany koa ny fahamailona, ny fiambenana sy ny fampahafantarana ireo mponina amin'izay rehetra tokony hatao sy ny fepetra rehetra tokony ho raisiny rehefa tonga ny loza. Ankoatra izay dia nilaza ihany koa ity tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ity, fa ao anatin'ny vanim-potoana fiomanana amin' izany fiavian'ny fahavaratra sy rivo-doza tanteraka izany ny ekipan'ny Kaominina amin'izao fotoana izao, izay efa nanomboka tamin'ny volana martsa, ka hitohy hatramin'ny volana Oktobra. Ankoatra ny fampiofanana dia efa nisy ihany koa ny fandaminana amin'ny ankapobeny, izay efa nataon'izy ireo: toy ny fitsirihina sy ny fanadiovana ireo fotodrafitr'asa toy ny lakan-drano, sy ireo tatatra ho fisorohana ny fiakaran'ny rano eny amin'ny faritra iva. Mbola hitohy eny anivon'ireo boriboritany hafa izany fampiofanana izany.



***Ireo mpiandraikitra ny fitantanana ny loza voajanahary eny anivon'ny fokontany miisa 44, ao amin'ny Boriboritany I.***

***Aly***

Fiarovam-pirenena sy Ambasadin'i Etazonia

## Nanomana atrikasa momba ny fampandriana fahalemana an-dranomasina

Nofaranan'ny Amiraly Ranaivoseheno Antoine de Padoue, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena tamin'ny fomba ofisialy afak'omaly, ny atrikasa mahakasika ny fandriampahalemana an-dranomasina, teny amin'ny "Hôtel le Louvre" Antaninarenina.
Atrikasa nanomboka ny alatsinainy teo, izay nandraisan'ireo tompon'andraikitra akaiky misahana ny fari-dranomasina anjara avy amin'ny Minisitera isan-tsokajiny. Maherin'ny 30 mianadahy izy ireo no nozaraina maripahaizana na "certificat". Voadinika tamin'ity fiofanana ity avokoa ireo paik' ady an-dranomasina, ny olana sedraina sy ireo ambana maro samy hafa, ny tombontsoa azo amin' ny fari-dranomasina ary ny lalàna mifehy izany eto an-toerana sy amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Ny teto Antananarivo no nahavita ny anjara fiofanany fa mbola hisy ny fiofanana eny anivon' ny faritra. Aorian'izao dia ireo tompon'andraikitra any Antsiranana no hiatrika izany ny herinandro ho avy izao. Izao no tontosa dia noho ny fiaraha-miasa amin'ny masoivoho Amerikanina.



***Ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny fampandriana fahalemana an-dranomasina.***

***Ny Valosoa***

Sekoly E.T.P.

## Tanora miteny Anglisy miisa 189 no nomena mari-pahaizana

Mpianatra mahafehy ny fanoratana; ny fihainoana sy ny fahazoana ary ny fiitenenana ny teny Anglisy mananika 190, no navoaka tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina ny alakamisy teo. Nilaza Ramatoa Razanajatovo Vony Talen'ny E.T.P (English Teaching Program) etsy Antsahavola, fa mpianatra efa nandalo fandalinana nandritra ny telo volana faha 3 sy ny telo volana faha 4 ny taona 2018 lasa teo ireto nomena mari-pahaizana ireto, taorian'ny famitana ny fandaharan'asa rehetra mikasika ny teny Anglisy, ary nofaranana tamin'ny fiatrehana fanadinana sy fitsapam-pahaizana izany. Afaka mandray andraikitra avy hatrany amin'ny sehatr'asa rehetra ireto tanora ireto hoy ihany ny Talen'ny E.T.P ary manatombo amin'ny fahazoana tolotr'asa izay omen'ireo Orin'asa eto an-toerana, na avy any ivelany izy ireo. Nanomboka ny taona 1968 no nisokatra ny sekoly E.T.P ary namoaka mpianatra miteny Anglisy miisa 150 isan-taona nandritra ny 50 taona mahery izay.

***Franck Razakambelo***

ADY AMIN'NY HALATR'OMBY

## Dahalo 2 maty, mpanara-dia 3 naratra

Omby 4 vala miisa 44 sy ondry 12 no nangalarin'ny malaso mitam-piadiana tao amin'ny fokontany Morafeno kaominina Beraketa Distrikan'i Bekily, faritra Androy, ny alin'ny alarobia teo, tokony ho tamin'ny 11 ora alina. Avy hatrany dia nanaradia ireo fokonolona sy ny zandary tao amin'ny Brigade Beraketa ary ny "2ème section USAD 14". Tany Antanimena fokontany Ifarantsa kaominina Beraketa no nitifitra avy hatrany ireo malaso, ka raikitra ny fifandonana. Vokany: mpanaradia sivily 3 no naratra, dahalo roa no lavo , Omby iray maty nokapain' ireo malaso ary Omby 43 sy ondry 12 tafaverina . Ny vahoaka ao amin'ny faritra Androy dia mankasitraka ny tompon'andraikitra nandefa ny "Unité Anti-Dahalo" any Atsimo.

***Ny Valosoa***



*Omby tafaverina noho ny ezaky ny mpitandro filaminana sy ny mpanara-dia.*

Andraikiba Antsirabe

## Nanimba zavatra indray ny afo

Sesilany ny trangana haintrano eto Antsirabe raha vao manomboka ny haintany. Toa zary lasa matetika ny fisehoan'ny haintrano izany teto amin'ny tanànan'Antsirabe tato ho ato, manoloana izany anefa dia efa manao ny tatitra sy mitady vahaolana ireo tompon'andraikitra. Ny fiandohan'ity herinandro ity, tokony tamin'ny 12 ora alina teo, tokantrano miisa 11 ary fianakaviana manodidina ny 30 mahery no tsy manan-kialofana noho izay haintrano izay tao Andraikiba. Marihina fa tsy nisy ny aina nafoy na naratra fa mpianatra haka BACC miisa roa no may tao an-trano tao ny "convocation", ka efa voavahan'ny teo anivon'ny foibem-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana teknika ary ny fampiofanana arak'asa izany. Araka ny fanadihadiana natao dia avy amin' ny afo nandrahoana sakafo no nahatonga ny loza, trano iray vita amin'ny biriky no may ary ny folo ambiny trano hazo kosa dia levon'ny afo avokoa. Nanoloana ny voina niseho dia nidina ifotony ny fitondram-panjakana teto an-toerana. Efa nisy ny tatitra eny amin'ny Fitondrana mahefa ny Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC) mahakasika ity haintrano teny Andraikiba ity. Tonga teny an-toerana nijery ny zavamisy sy nitarika ny fitia tsy mba hetra ny Prefet an' Antsirabe, ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra, ny Talem-paritry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy, Rabarijaonina Antsa Narindra ary ny Mpitandro filaminana.

***Solohery***

SEFAFI Tombontsoa

## Namoaka mpianatra sy nanolotra mariboninahipirenena ireo mpiasa mendrika

Miavaka ny ivon-toerana sekoly SEFAFI : Sekoly Fambolena Fiompiana Tombontsoa Antsirabe, nohon'ny fananan'ny fotodrafitr'asa ampy sy toerana midadasika azo anaovan'ireo mpianatra fampiharana eo amin'ny fianarana rantoviny. Namoaka ireo mpianatra nahavita ny fiofanana nandritra ny iray taona ny SEFAFI Antsirabe, miisa 72 mianadahy izy ireo , tao amin'ny andiany faha -54 ny zatovolahy ary faha-32 kosa ny zatovovavy. Ny andiany indray mihira dia nisalotra ny anarana "Mendrika". Teny faneva nosafidian'ireto andiany ireto dia nalaina tao amin' ny Mpitoriteny I 2:1a "Ny zavatra rehetra nataony ho mendrika amin'ny fotoany avy". Taorian'ny fampiofanana dia notolorana ny mari-pahaizana "Technicien en Agromnomie" izy 72 mianadahy. Natomboka tamin'ny fotoam-pivavahana ny fotoana, izay notarihan-dRakotoarivelo Harison, Filoha lefitry ny Komity mpitantana ny SEFAFI. Nifanindrandalana tamin' izao ihany koa ny fanolorana mari-boninahitry ny asa ho an'ireo mpiasa 24 eto Tombontsoa, izay nahavita be tamin'ny asa: mariboninahim-pirenena 12 ary mariboninahitry ny asa miisa 12, Ramatoa Préfet an'Antsirabe Andriatomponera Voahangiharimino no nanolotra izany noho izy solontenam-panjakana aty antoerana. Nanatrika izany lanonana izany ny Tale misahana ny raharaha ankapobeny sy ny lafitany eo anivon'ny Faritra Ramahandriharivo Fanja, ny tompon'andraikitra avy amin'ny fiadidiana ny Repobilika, ny solontenan'ny filohan'ny Anterimieram-pirenena, ny fianankaviamben'ny fanabeazam-pirenena, ny Filohan'ny SPAM sy ireo Talem-paritra isan-tsokajiny avy eto Vakinankaratra. Ny sekoly SEFAFI Tombontsoa no isan'ny mampiofana tanora hampianatra ny tantsaha mipaka eny amin'ny tontolo Ambanivohitra. Ny 80% 'ny Malagasy dia saika mpamboly sy mpiompy avokoa. Ny taona 1956 ny ivon-toeram-piofanana ity no niorina, izay ahitana ny sampam-piofanana fiompiana sy fambolena. Ankoatr' ireo, mba hahatomombana tsara ny fiofanana rantovon'ny tanora mivoaka ato amin'ny sekoly dia misy ny fianarana : ny Soratra Masina sy ny taranja fahasalamana, ny mahandro sakafo sy ny zaitra, ny kabary, ny momba ny fitantanana, ary ny fiaraha-monina. Manodidina ny tanora lahy sy vavy miisa 3890 no efa nivoaka tato amin'ny Sekoly SEFAFI Tombontsoa, miampy ireto 72 ireto. Ny SEFAFI no isan'ny sekoly manofana ireo tanora hitondra ny fampandrosoana ho an'ny Firenena sy hanatrarana ny politikan'ny fitondrana foibe mba hahaleotena ara-tsakafo . Tsara ny manamarika fa miara-miasa hatrany ny fanjakana sy ny tsy miankina eo amin'ny fampivoarana ny tanora mba hampandroso ny Faritra misy azy. Ny mpianatra ato amin'ny sekoly dia kilasimandry avokoa ary ny manampy ara-pitaovana ny sekoly dia ny Misiona Norvezianina.

***Solohery***

Antsirabe

## 62,86 % ny taham-pahafaham-panadinana CEPE

Mpiadina 232 no tsy tonga niatrika ny fanadinana CEPE teto amin'ny Cisco Antsirabe I. Niakatra ho 62,86 % 'ny taham-pahafaham-panadinana. Nanao ezaka ny Cisco namoahana faingana ny valim-panadinana. Tratra ny tanjona izay napetrakin'ny Cisco Antsirabe I dia ny famoahana ny valim-panadinana ao anatin'ny fotoana haingana indrindra. Nivaly ny faran'ny herinandro teo ny valim-panadinana CEPE tato anatin'ny Cisco Antsirabe I, araka ny tetiandro napetraky ny Ministeran'ny Fanabeazana sy ny fampiofanana ara-kasa dia ny 01 ka hatramin'ny 10 septambra no tokony hamoahan'ireo Cisco rehetra manerana ny Nosy ny valim-panadinana CEPE . Nahitana fiakarany ny voka-panadinana tamin'ity taom-pianarana 2018-2019 ity ho an'ny Cisco Antsirabe I. Tamin'ireo mpiadina tonga niatrika ny fanadinana izay miisa 6786 dia ny 4266 tamin'ireo no afaka ny fanadinana CEPE, izay manome ny salan'isa 62,86%. Na izany aza anefa dia nahitana fiakarany ihany koa ny tahan'ny tsy fahatongavan'ireo ankizy niatrika ny fanadinana, raha toa ka 7018 no nisoratra anarana dia ny 6786 tamin'ireo no tonga niatrika izany. Ho fiatrehana ny fanadinana BEPC kosa dia efa vonona ho amin'izany ny avy eo amin'ny Cisco Antsirabe I. Ho an'ny Distrikan'Antsirabe faharoa kosa dia nanodidina ny 57,57 % ny taham-pahafahan'ny fanadinana, izay azo lazaina fa niakatra ihany koa.

***Lezama***

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe tetsy ambany tetezan'i Behoririka sy ny manodidina

Nanatanteraka fanadiovana faobe tetsy ambany ny tetezan'i Behoririka sy ny manodidina omaly, ny avy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) Boriboritany fahatelo. Lasa fitobian'ireo fiara sy fanaovan'ny olona maloto ary fanariana fako eo amin'iny faritra iny, ka nandray fepetra avy hatrany ny kaominina nanadio sy nanala izany. Nisy ny fandraofana sy fanalana ireo fako nitoby teny an-toerana, izay nataon'ireo mpamafa lalana sy ny ekipan'ny service teknika. Nisy koa ny fanalana ireo fiara mipetraka mibahana amin'ny lalana, nesorin'ireo Polisy monisipaly . Araka izany dia nisy ny fandaminana ny fifamoivoizana teny an-toerana sy ny manodidina . Ny sampana mpamonjy voina no namarana ny asa tamin'ny fanasana rano ny toerana, mba hialan'ny fofona . Natao izao fandiovana izao mba hitsinjovana ny mponina sy ho fanalalahana ny lalana ary mba tsy hisian'ny otrik'aretina miparitaka . Hisy ny fandaminana mitohy, izay apetrakan'ny boriboritany, mba hitazonana ny fahadiovana amin'iny toerana iny.

***Stefa***



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-3.*

Fifamoivoizana

## Ireo lalana tapaka noho ny fandalovan'ny Papa Ray Masina

Misy ny fandaminana sy fandrindràna ny fifamoivoizana mandritra ireo andro hivahinianan'ny Papa Ray Masina Fransoa eto Madagasikara, ny 6 hatramin'ny faha 10 septambra ho avy izao. Manomboka ny faha 6 septambra dia ho tapaka ireo lâlana amin'ireto faritra ireto : Aéroport Ivato sy ny manodidina, Aéroport sy Tsarasaotra hatrany Ivandry sy ny manodidina rehetra. Ny sabotsy faha 7 septambra tapany maraina : ho tapaka ireo lâlana eny Ivandry sy ny manodidina rehetra, Ankorondrano, Antanimena, Analakely, Ambohidahy, Anosy, Rond point Filatex Ankadimbahoaka, By pass Iavoloha. Ho tapaka miaraka amin'izay ihany koa : Ankadindratombo, By pass, Mandroseza, Mahazoarivo, Ambanidia, Ampasanimalo, Fort Duchesne, Ampandrianomby, Nanisana, Analamahitsy, Nonciature Ivandry. Ny sabotsy faha 7 septambra tapany hariva : ho tapaka ny eny amin'ny Nonciature Ivandry sy ny manodidina, Ankorondrano, rond point Jesosy Mamonjy, Antanimena, Analakely, Ambohijatovo, Antaninarenina, Andohalo, Faravohitra, Antaninandro, Ankadifotsy, Antanimena, Ankorondrano, Ivandry, Soamandrakizay sy ny manodidina rehetra. Ny alahady 8 septambra : ho tapaka tanteraka ny eny Soamandrakizay, Ivandry sy ny manodidina. Ny hariva dia ho tapaka avokoa ny lalàna eny Ambohimangakely, Mahazo, Ampasampito, Fort Duchesne, Ankorahotra, Tunnel Ambohijatovo, Analakely, Ambohidahy, Anosy, Amparibe, Analakely, Antanimena, Ankorondrano, Nonciature Ivandry. Miangavy ny tompon'andraikitra raha azo atao dia tsy hampiasa fiara firy mandritra ireo andro ahatongavan'ny Papa Ray Masina Fransoa eto Madagasikara. Izay no anton'ny nanaovana ny tapak'andron'ny omaly zoma folakandro ho andro tsy fiasàna mba hampihenana ny fifamezivezen'ny fiara ary hampalalaka kokoa ny fifamoivoizana. Koa entanina isika olom-pirenena rehetra hiray saina sy fo amin'ny fiaraha-mientana sy fifanomezan-tànana ny ho amin'izany.

***Aly***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fahatongavan'ny Papa François omaly teto Madagasikara.










Miarahaba ny Papa Ray Masina tonga soa ny Kaominina Antananarivo Renivohitra.







Ny Ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa nametraka ny antontan-taratasy ho filatsahan-kofidiana indray teny Ambohidratrimo, omaly.



